# IREO FANEHOANA

Miaraka amin'ireo fijoroana vavolombelona sy fankasitrahana avy amin'ny anabavintsika nodimandry ireo, dia tiako ny hamela an'ireto teny ireto, ihany koa. Ny olona voalohany fantatro tamin'ny fianakavian'i Bell dia ny vadiny, Jimmy, izay sakaiza akaikin'ny raiko izay efa lasa. Ary avy eo nandeha ny taona, dia lasa mpitoriteny iray aho ary nifankahalala tamin-dRanabavy Bell, ary nahafantatra azy ho tena Kristiana mpivavaka iray. Halahelo azy isika rehetra, na aiza na aiza. Tena mora ny milaza teny amin'ny olona iray tahaka an'izany, satria tsy mila manafina na inona na inona ianareo. Izy no notakiana mba ho Kristiana iray.

2 Rehefa nandre an'ilay anabavy nihira aho, fotoana vitsy lasa izay, dia mampahatsiahy ahy betsaka an'ireo hirany mihitsy izany, araka ny ahafantarantsika azy eto. Tia nihira izy. Tena faly aho fa vita izany, satria izany no nanao marina tokoa hoe ahoana no ho tsapan-dRanabavy Bell. Te-haneho ny tenany amin'izany fomba izany izy. Ny fivavako, ary ny vavaka mahitsy fo dia, ny mba hahatongavantsika rehetra eo amin'ny faran'ny làlana miaraka amin'ny fijoroana vavolombelona iray tahaka ny nananany.

3 Maniry aho ny hamaky ny sasany amin'ny Soratra eto, ampahany iray fotsiny. Tsapako fa tena tia ny Tenin'Andriamanitra izy, ary Ny Teniny dia tena Mandrakizay. Ary nieritreritra aho fa hamaky ampahany iray ny toko faha-14-n'ny—an'ny Joba.

> *Ny lehilahy natera-behivavy* dia *vitsy andro, sady vontom-pahoriana.*
>
> *Mitsimoka tahaka ny voninkazo izy, ka jinjaina: ary mihelina tahaka ny aloka izy, ka tsy mitoetra.*
>
> . . .moa *mampahiratra ny masonao amin'ny tahaka an'izany ve ianao, ka mitondra ahy ao amin'ny fitsarana miaraka aminao?*
>
> *Iza no afaka mamoaka zavatra madio avy amin'ny maloto? tsy misy anankiray.*
>
> *Satria voafetra ny androny, ary ao aminao ny isan'ny volany, ianao* efa *nanisy fefy* azy *ka tsy afaka mihoatra izy;*
>
> *Mihodìna aminy, mba ahafahany mitsahatra, mandra-*pahatapiny, *toy ny mpikarama, ny androny.*
>
> *Fa misy fanantenana ny hazo, raha kapaina izy, dia mbola hitsimoka indray, ary tsy hitsahatra ny* rantsana *mbola tanora.*

*Na dia efa antitra amin'ny tany aza ny fakany, ary* maty *ao amin'ny tany ny fotony;*

*Kanefa amin'ny alàlan'ny hanitry ny rano no hitsimohany, ka hamony . . . tahaka ny zava-maniry iray.*

*Fa maty ny olona, ka miampatra: eny, . . . manolotra ny fanahy, ary aiza izy?*

*Tahaka ny rano avy amin'ny ranomasina, ary* mihena ireo ony *ka* ritra *tanteraka:*

*Dia toy izany koa no andrian'ny olona, ka tsy* mitsangana *intsony: mandra-paha-tsy isian'ny lanitra, dia tsy hifoha izy, na* hofohazina *amin'ny torimasony.*

*O enga anie ianao* mba *hanafina ahy ao am-pasana, enga anie ianao* mba hampiery *ahy ao amin'*ny *miafina, mandra-pahatongan'*ireo andron'ny *fahatezeranao ho lasa, . . .*

*Raha maty ny olona, ho velona indray ve izy? hiandry ny andro rehetra amin'ny fotoako voatendry aho, mandra-pahatongan'ny fiovàko*. Izaho . . .

*Ianao* dia *hiantso, . . . Izaho hamaly anao: ianao* dia *hanana faniriana mba* hanao ny *asan'ny* tànanao.

*Fa ankehitriny dia manisa ny diako ianao: . . .* ianao ve *mandinika ny fahotako?*

4 Mamaky avy amin'ny Teny Mandrakizay, dia tiako isika hieritreritra eo amin'ny teny iray fotsiny mandritra ny fotoana vitsy, ary izany teny izany dia hoe: *Ireo Fanehoana*.

5 Misy betsaka amin'ny fiainana no fanehoana. Ary tsy misy olona izay miaina eto an-tany ka tsy misy fotoana iray eo amin'ny fiainany izay tsy maintsy hijanonany ka mieritreritra hoe avy aiza izy, inona no tanjony eto, ary ho aiza izy rahatrizay. Ny tsirairay avy dia tia, ho tia ny hijery ny any ankoatry ny lamban'efitra.

6 Mamaky eto avy tao amin'ilay Boky tranainy indrindra ao amin'ny Baiboly, Joba, io patriarka io, niezaka nitady an'io tena zavatra io izy. Ary namboraka ny faniriany an'Andriamanitra izy, naneho fa Izy dia ny—ny fiainana aorian'ny fahafatesana.

7 Indraindray isika dia mahatsapa fa, rehefa miatrika zavatra tahaka an'ity isika, hoe izay ny rehetra. Fa tsy izany ilay izy. Ny fiovàna izany. Izany dia ilay . . . dingana iray ambony kokoa. Mifindra avy amin'ny fiainana iray mankany amin'ny iray hafa.

8 Ary Joba, ilay mpaminany, raha nieritreritra an'ireo zavatra ireo izy, dia nahita an'izany tao amin'ny zava-maniry, fiainan-java-maniry, fiainan'ny hazo. Noho izany dia nahamarika an'izany izy, ahoana fa tsy maintsy tao amin'ny Famoronany Andriamanitra; hoe raha Izy no nanao ny

famoronana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy miaina ao anatin'ilay famoronana Izy, satria Nataony ho an'ny tanjona iray izany, mba ipetrahan'ny Tenany, tahaka ny trano iray izay haorin'ny olona. Ireo fiainana kely bitika izay ao amin'ny famoronan'Andriamanitra rehetra ireo dia manaiky ny Mpamorona azy. Ary nieritreritra izy, hoe, raha tonga ny tafiodrivotra iray ka nanjera hazo lehibe iray, kanefa, tsy izay no fiafaran'io hazo io. Ho velona indray izy. Raha maty ilay hazo, dia ho velona izy.

9 Ary matetika, rehefa sahiran-tsaina isika, raha mijery ny manodidina antsika fotsiny isika, dia afaka mahita an'Andriamanitra hatraiza hatraiza. Ankehitriny dia haka Azy isika, ohatra ao amin'ilay hazo, raha apetraka eto ilay hazo.

10 Ary ny zavatra rehetra dia eto mba hanatanteraka tanjona iray, tahaka antsika eto mba hanatanteraka tanjona iray, tahaka ny nahatongavan'ny anabavintsika teto mba hanatanteraka tanjona iray. Isika rehetra dia eto ho an'ny tanjona iray an'Andriamanitra, raha afaka mahita isika hoe inona io tanjona io ary avy eo dia manatanteraka azy tsara. Eo, azo antoka, raha mihevitra betsaka ny amin'ny fitsanganan'ny fiainan-javamaniry iray Andriamanitra, dia mihevitra betsaka ny amin'ny fitsanganana ho an'ny fiainan'ny olombelona Izy.

11 Noho izany dia nahamarika i Joba, ilay patriarka, fa—fa ny hazo, raha maty, dia velona indray. Ary ahoana fa io fahavaratra sy ririnina io no nanova ny tenany, ary isan'andro dia nisy fijoroana vavolombelona iray navela. Nahamarika izy hoe raha ny—velona ilay hazo tamin'ny fahavaratra, ary toy ny hoe maty izy tamin'ny ririnina, ireo ravina izay nihantona teo amin'ilay hazo.

12 Ankehitriny, ampianarina isika ao amin'ny Soratra, fa, misy Hazon'Aina iray. Tao amin'ny sahan'i Edena Izy. Ary io Hazon'Aina io no ihantonan'ny Kristiana, toy ny ravina iray eo amin'io Hazo io.

13 Ary ankehitriny amin'ny ririnina, rehefa tsara tarehy ireo ravina, nahoana, izy ireo . . . Na, amin'ny fahavaratra, raha ny marina, rehefa tsara tarehy sy maitso ireo ravina, afaka kelikely dia tonga ny fanala ka mandoko azy amin'ny loko samihafa, ary milatsaka avy amin'ilay hazo izy ireo. Ary miverina mankao amin'ny fakan'ilay hazo ny aina. Raha mahamarika fotsiny isika, dia zavatra miafina iray izany.

14 Teto fotoana vitsy lasa izay, dia niatrika aho, mba hiresaka tamin'ny lehilahy iray izay nihambo ho tsy mahatoky iray, tsimpino iray. Ary nijanona teo akaikin'ny hazo paoma iray izay azy izahay. Ary nanontany azy aho hoe firy taona ilay hazo, ary nilaza tamiko izy hoe taona maro, ary vata famaram-paoma firy no novokariny isan-taona. Ary tamin'ny ampahany voalohan'ny Aogositra izany, ary fantatro, voamariko fa efa nihintsana ireo

paoma, ary nivadika volontany ireo ravina. Ary hoy aho taminy hoe, “Te-hametraka fanontaniana iray aminao aho.” Hoy aho hoe, “Nahoana no mivadika volontany ireo ravina ireo ary mihintsana amin’ny hazo alohan’ny hamelezan’ny fanala azy ireo?”

15 “Eny,” hoy izy, “ny ririnina izay ho avy izany. Ary ny antony ivadihan’izy ireo ho volontany dia niala tamin’ilay ravina ny aina.”

Hoy aho hoe, “Lasa aiza ilay aina?”

16 Ary hoy izy tamiko, “Miverina any amin’ny fototry ny hazo, izay niaviany.”

Dia hoy aho hoe, “Izany ve no faran’ilay ravina?”

17 Hoy izy hoe, “Tsia. Mbola hiverina indray io aina io amin’ny lohataona manaraka, miaraka amin’ny ravina vaovao.” Tsy nahamarika an’izany mihitsy izy tany aloha.

18 Hoy aho hoe, “Noho izany, miangavy anao aho hiteny amiko, tompoko, Fahaizana inona no manaisotra an’io ravina io amin’ilay hazo alohan’ny andro mangatsiaka mihitsy aza, ary mampidina ny ainy indray ao amin’ny tany, ho fiarovana, mandra-pivoakan’ny vanim-potoana iray hafa. Afaka mametraka rano ao anaty siny iray ianao ka mametraka an’izany eo amin’ny andry iray, fa tsy hiova araka ny vanim-potoana mihitsy izy. Koa izany no maneho fa misy Andriamanitra Izay mifehy ny fiainana.”

19 Ary isika izay milaza ho Kristiana, nateraky ny Fanahin’Andriamanitra, dia efa, nohon’ny fahasoavan’Andriamanitra, tafafindra avy tamin’ny hazom-pahafatesana iray ho amin’ny hazon’Aina iray. Ary rehefa mihintsana ny iray amin’ireo ravina, tahaka ny nandrenesako an’io fijoroana vavolombelona io avy tamin’ny . . . ity fiangonana mahafinaritra ity, an’ny fiangonana Gilt Edge Baptist, izay maro amin’ireo sakaizako sarobidy no mambra ao, izay nilatsahan’ny iray tamin’ireo raviny. Fantatsika fa io aina io dia niverina nankany amin’Andriamanitra Izay nanome azy ho amin’ny tanjona iray, mba ho avy indray fotsiny ihany amin’ny fitsanganana faobe; tsy hilatsaka intsony indray, ao amin’ny Arivo taona. Ho avy ilay fotoana malaza.

20 Voamarik’i Joba ireo zavatra ireo. Avy eo dia nahamarika izy tao amin’ny fiainan’ny masoandro.

21 Raha hahamarika ianareo, amin’ny maraina, dia miposaka ny masoandro, zazakely iray izy. Malemy ireo tarany. Avy eo dia tonga amin’ny adolantsentony izy, eo amin’ny sivy na amin’ny folo ora eo. Avy eo amin’ny mitataovovonana, ny afovoan’ny andro, dia eo amin’ny tanjany izy. Avy eo dia manomboka mianjera izy, ary farany dia milentika any Andrefana, rehefa maty ho an’ilay andro izy. Afaka hiantso an’izany ho ny

fiafaran'ny masoandro ve isika? Tsia. Ny ampitso maraina, dia miverina indray izy, mba hitondra andro vaovao iray ho antsika.

22 Ankehitriny, inona izany? Fanehoan'Andriamanitra izany. Ary ny teny hoe *fanehoana* dia midika hoe "mampahafantatra fihetseham-po iray." Fanehoan'Andriamanitra izany... fanehoana amintsika, mba hampahafantatra antsika ny Fihetseham-pony amintsika, hoe tsy mampisaraka antsika Mandrakizay ny fahafatesana. Hitsangana indray isika, hiverina indray.

23 Isaky ny maty ao anatin'ny tany ny voa, amin'ny fararano amin'ny taona, tahaka an'ireo voninkazo ireo mihitsy, izy ireo, milatsaka avy aminy ireo voa kely rehefa mamely azy ireo ny fanala, ary midina ao anatin'ny tany ny voa. Ary na dia toa hafahafa aza izany, kanefa izany no fahamarinana, tena tsy manam-petra Andriamanitra ka tsy manao tsinontsinona na inona na inona Izy. Manana fotoam-pandevenana iray ho an'ny Voninkazony Izy. Rehefa mamely azy ireo ny fanala, amin'izay fotoana izay dia tonga ny oran-dohataona, ary ranomaso goavana be, an'ireo teten-dranonorana, milatsaka avy any andanitra, ary mandevina an'io voam-boninkazo io, mikapoka eo amboniny, ary angamba mandeha iray na roa inch any ambanin'ny tany izy. Avy eo dia manomboka mitsoka ny rivotry ny ririnina mangatsiaka, ary—ary lasa ireo felana kely, ary lasa ilay taho, ary avy eo dia mivaingana ilay vonim-boninkazo ka maina. Ary avy eo dia mivaingana ilay voa kely, ary miala aminy ilay nofo. Ary, nahoana, amin'ny fotoan'ny lohataona, tsy afaka mahita na inona na inona tavela avy aminy ianareo.

24 Saingy izany ve no fiafaran'ilay voninkazo? Tsia mihitsy. Napetraka teto ho an'ny tanjona iray izy. Ary rehefa nahatanteraka tsara ny tanjony izy, amin'izay fotoana izay dia ampahafantarin'Andriamanitra antsika, amin'ny alàlan'ny voninkazo, ny Fanehoany amintsika.

25 Azo antoka mihitsy tahaka ny anakaikezan'ny masoandro kely kokoa ny tany, mba hitondra taratra mafana kokoa, no tsy ahafahanareo manafina an'io aina io na aiza na aiza. Afaka manarona azy amin'ny vatolampy iray ianareo. Efa voamarikareo ve rehefa mametraka ny fangaron-tsimenitrareo ianareo amin'ny ririnina, aiza no misy an'ilay ahitra matevina indrindra amin'ny lohataona? Manodidina ny sisin'ilay fangaron-tsimenitra mihitsy. Nahoana izany? Izany ilay aina izay ao ambanin'ny vatolampy. Rehefa manomboka mampandro ny tany ny masoandro, dia tsy afaka mihazona aina ianareo. Hahita ny làlany avy ao ambanin'ilay fangaron-tsimenitra izy ka hampiakatra ny loha keliny, mba hidera an'Andriamanitra, satria ny masoandro no fitsanganana. Ny m-a-s-o-a-n-d-r-o no fitsanganan'ny fiainan-java-maniry rehetra. Tsy afaka manafina azy ianareo raha mbola mamiratra foana ny masoandro.

26 Ny Z-a-n-a-k-a dia toy ny hoe, matetika, lasa lavitra. Fa rehefa manomboka mamiratra Izy, “Ny Masoandron’ny fahamarinana dia hiposaka miaraka amin’ny fanasitranana eo amin’ny Elany.” Ary ny aina tsirairay, tsy mampaninona na aiza no andevenana azy, lalina toy ny ahoana, lavitra toy ny ahoana ao anatin’ny rano, na ao anaty fasika, ao anaty vatolampy, dia hitsangana izy ho an’ny voninahitr’Andriamanitra.

27 Satria, Andriamanitra dia maneho amintsika, mampiseho amintsika an’izay Ataony. Ny Tanjony dia ny hampiseho amintsika, amin’ny alàlan’ny voninkazo, amin’ny alàlan’ny masoandro, amin’ny alàlan’ireo hazo, amin’ny fiainana rehetra, hoe Izy no fitsanganana sy Fiainana. Manangana Ny Ainy Andriamanitra rehefa manatanteraka ny Tanjony izy.

28 Ary raha manatanteraka ny tanjony ny voninkazo, ary manana fitsanganana iray ho an’ny voninkazo Andriamanitra, tsy mihoatra noho izany ve ho an’ny anabavintsika izay nahatanteraka ny tanjony teo amin’ny fiainana. Manana fitsanganana iray ho an’ireo izay manatanteraka ny tanjony Andriamanitra. Afaka mahita ny tanjontsika isika ary avy eo dia manatanteraka azy ireny.

29 Ireo voninkazo kely ireo, mety manontany mikasika azy ireo ianareo. Eto izy ireo, izao tolakandro izao, mba hanatanteraka tanjona iray. Izany ireo voninkazo ireo, nanaovan’Andriamanitra azy ireo, mba hanatanteraka tanjona iray. Afaka mandeha manohy sy manohy izy.

30 Raha mahamarika ianareo, ireo voninkazo ireo dia tsy voninkazo mitovy loko daholo. Samy hafa ny lokon’izy ireo, maneho fa Andriamanitra dia Andriamanitry ny fahasamihafana. Tia loko samihafa Izy. Ny fampifangaroana azy miaraka no manao an’ilay fehezam-boninkazo izay Tiany. Andriamanitra, Andriamanitry ny fahasamihafana iray. Manana an’ireo Voninkazony fotsy Izy. Manana an’ireo Voninkazony mena Izy. Ary ny Azy, ny lokon’ny voninkazo rehetra, ary ny fametrahana azy ireo miaraka dia manatanteraka ny Tanjony.

31 Manana tendrombohitra goavana Izy, sy havoana kely, ary lemaka. Manana tany efitra Izy. Manana ranomasina Izy. Manana ny hazo ôka Izy, ny hazo palma. Ny zavatra rehetra miara-mifangaro ao amin’ny toerany, izay, Andriamanitra, ilay Andriamanitry ny natiora rehetra dia afaka miaina sy mankasitraka ny maha-izy Azy, raha mipetraka ao anatin’ny Zava-boahariny amin’ny fotoana, izany no manatanteraka ny Tanjony.

32 Raha mihevitra betsaka ny hanangana an’izany Izy, ka nanao làlana handosirana iray ho an’izany, ho an’ny asa amin’ny ho avy indray, tsy mihoatra noho izany ve no Ieritreretany ny olona, tsy mampaninona na iza isika, taranaka inona, volon-koditra,

fanekem-pinoana, na inona koa, izay afaka miara-monina ao amin'ny firaisan'ny Fanatrehan'Andriamanitra sy ny Fitahiany. Hisy fitsanganana iray, indray andro any, azo antoka mihitsy tahaka ny isian'ny fitsanganana iray ho an'ilay voninkazo. Hitantsika rehetra izany. Mino an'izany isika rehetra. Fantatsika rehetra fa fanehoana daholo ireo zavatra ireo. Mijoro ho vavolombelona izy ireo, miteny amintsika, manao, mahafantatra fihetseham-po iray izay tian'Andriamanitra ho fantatsika.

33 Ny olona nandefa an'ireo voninkazo ireo, ireo sakaizan'ny anabavintsika izay nandefa an'ireo voninkazo ireo, dia mampahafantatra amin'ny fianakaviana ihany koa izy ireo, maneho amin'izy ireo ny fihetseham-pon'ny fiaraha-miory an'ny sakaiza iray, an'ny anabavy iray, na—na malala iray. Miezaka maneho izy ireo. Fanehoana izy ireo, mampahafantatra, manambara zavatra.

34 Ireo zavatra rehetra izay azontsika resahana ireo, mandritra ny ora maro, dia fanehoan'Andriamanitra amin'ny taranak'olombelona, ary manana ny anjarany ireo rehetra ireo, ary manao an'izany tsara izy ireo. Ny voninkazo tsirairay, ny hazo tsirairay, ny fiposahan'ny masoandro tsirairay, ny filentehan'ny masoandro tsirairay, ny zavatra rehetra dia manao ny anjarany tsara. Fa ireo fanehoan'Andriamanitra rehetra ireo, dia mampahafantatra antsika, ary manome ohatra iray ho antsika, hoe hanao fanehoana lehibe iray Izy indray andro any, fanehoana iray Mandrakizay.

35 Noho izany dia nandefa ho antsika ny Endriny voaseho Izy, tao amin'ny endriky Ny Zanany. Nandefa Ny Zanany Andriamanitra, tao amin'ny endrika voaseho an'ny Tenany, mba hanambara amin'ny taranak'olombelona an'izay Niheverany antsika. Nanova ny Anjarany Izy. Lasa olona Izy. Lasa isantsika Izy.

36 Avy amin'Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay, avy amin'ilay Mpahary lehibe Izay, talohan'ny nisian'ny tontolo iray, nameno ny habakabaka, fotoana rehetra. Tsy nisy akory aza me—metatra iray na fandrefesana hazavana iray, tsy nisy atoma iray na molekiola iray koa, mbola Andriamanitra foana Izy. Ary ho Andriamanitra foana Izy. Fa ilay Anankiray lehibe Izay. . . Raha afaka miandrandra ianareo amin'ny alina ka mahita an'ireo kintana ao amin'ny fihodin'ny masoandro. Taona vitsivitsy lasa izay, nanana tombontsoa nijery tamin'ny alàlan'io teleskôpy goavana io aho, ary izay lazain'izy ireo fa afaka mahita roapolo amby zato tapitrisa taonan'ny hazavan'ny habakabaka ianareo, fandrefesana hazavana. Ary ankoatr'izany dia mbola misy volana sy kintana ary tontolo, izay Feheziny.

37 Ary avy eo dia tena nihevitra betsaka tokoa Izy mba hanao fanehoana iray amintsika, mahafantatra fa tena lehibe Izy. Kanefa, nidina tamin'ny endriky ny olombelona iray Izy,

mba haneho an'izay naha-izy Azy. Lasa Lehilahin'ny alahelo Izy, zatra fahoriana. Niaina fiainan'olombelona iray Izy. Tsy nanana toerana hametrahana ny Lohany Izy. Nasehony hoe inona Izany, inona Andriamanitra. Nanasitrana ny aretintsika Izy rehefa narary isika. Nanangana ny maty Izy, mba hanehoana fa endrik'Andriamanitra voaseho Izy. Nametraka drafitra iray ho antsika rehetra Izy, mba hahafahantsika mijery ihany koa an'ireo fanehoana kely ireo ka mahita an'Andriamanitra. Avy eo dia afaka miandrandra isika ka hahita ny fanehoan'Andriamanitra lehibe, ary manana antoka, arak'izany, hoe rehefa tonga ireo ora ireo, dia tsy izany no fiafaran'ilay izy.

38 Tiako ilay fanehoana izay nolazain'ny anabavintsika, tao amin'ny hira, fotoana vitsy lasa izay hoe, "Rahavaviko io. Tsy afaka nihira azy tahaka an'izany aho" raha tsy fantany izay nisy azy. Hitanareo?

39 Misy fomba iray ahafantarantsika an'izay halehantsika, satria ny endrik'Andriamanitra voaseho no nametraka an'io drafitra io. Ary, nilaza Izy, fa na iza na iza hanaiky an'io drafitra io dia hanana Fiainana Mandrakizay. Jaona 5:24 dia nanao hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny Fitsarana; fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

40 Ny fanehoana lehibe indrindra amin'ny rehetra dia Jesosy Kristy, Izay nanao làlana iray ho antsika. Notanterahiny sy nohamarininy ireo fanehoana rehetra hoe ireny voninkazo ireny, sy ny fiainan-java-maniry, sy ny sisa, sy ny masoandro, ary ny fihodin'ny masoandro, dia nanambara talohan'Ny Fihaviany, fa hisy Anankiray Marina ho avy izay hanao antsika hino mafy an'Izany, satria Izy no ho endrik'Andriamanitra voaseho. Ary rehefa tonga Izy, ka nanao an'izay Nataony, dia Noporofoiny fa marina ireo fanehoana ireo. Nanamarina azy ireny Izy. Satria, tahaka ny itsanganan'ny voninkazo iray indray, itsanganan'ny hazo iray indray, itsanganan'ny masoandro indray, dia ho toy izany koa no hitsanganan'ny Kristiana. Tsy maintsy. Satria, Andriamanitra, tao amin'ny endrik'olombelona voaseho, na olombelona iray tao amin'ny endrik'Andriamanitra voaseho, no nanaporofo an'izany tamin'ny alàlan'ny Fitsanganany.

41 Noho izany, tao, rehefa nahita an'ireo zavatra ireo niseho ilay mpaminany; Joba, rehefa nahita ny fiainan-java-maniry rehetra izy, sy ny sisa. Avy eo, isika izay mahafantatra tsara ny Baiboly dia mahafantatra an'izany. Nipetraka teo amin'io antontam-davenona io, tao anatin'ny fahoriana, namely azy ny olana. Niteny taminy ireo mambram-piangonany fa izy dia ny . . . nanota niafina.

42 Matetika dia voalaza, hoe, "Ny olona iray izay maty alohan'ny fotoana, na zavatra iray, dia angamba nisy fahotana

izay nataon'izy ireo. Nanao zavatra ratsy izy ireo." Tsy . . . Tsy izany ilay izy ho an'ny Kristiana iray.

43 Rehefa nahita an'io fanehoana lehibe, farany io izy, Andriamanitra mampahafantatra ny Drafiny amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, dia niantsoantso tamin'ny feo iray izy. Rehefa nanjelatra ny tselatra ka nierona ireo kotrokorana, dia hoy izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto ambonin'ny tany Izy amin'ny andro farany. Ary na dia noravàn'ny kankan'ny hoditra aza ny tenako, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho, Izay izaho ihany no hahita." Hitany io fanehoana farany io, an-jatony taona maro tany aloha. Saingy, satria mpaminany iray, dia hitany tao amin'ilay fahitana ny fihavian'ny fanehoan'Andriamanitra lehibe.

44 Afaka nijery ambany izy ka nahita ny fitsanganan'ireo voa. Afaka nahita ny fitsanganan'ireo hazo izy. Sy ny fitsanganan'ny masoandro, rehefa avy nahatanteraka ny fotoany izy, ary nitsangana indray; nahatanteraka nandritry ny andro iray, natsangana ho an'ny andro iray hafa. Voninkazo ho an'ny fotoam-pandevenana iray, maty, ary mitsangana ho an'ny fotoam-pandevenana iray hafa. Manatanteraka ny tanjony ny zava-drehetra. Avy eo dia hitany, teny lavidavitra, ny Fihavian'io Anankiray Marina io, ka nihiakiaka hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy."

45 "Ny nofoko hitoetra amin'ny fanantenana," hoy Davida, "satria tsy hahafoy ny Iray Masiny ho tratry ny lò Izy; ary tsy hamela ny Fanahiny ho any amin'ny helo koa Izy." Hitany io andro io, io fanehoan'Andriamanitra tanteraka io, izay Hataony; mba hampahafantatra, amin'ny olona, fa tsy ny fahafatesana no fiafaran'ny làlana.

46 Tsy izany no farany. Izany no fiandohana. Fiafaran'ny alahelo izany. Fiafaran'ny fotoan'ny fanapahan-kevitra izany. Fa izany no fiandohan'ny fotoam-pifaliana sy valisoa. Tsy ny fiafaran'ny zavatra rehetra izany. Izany dia fiafarana fotsiny an'ny—an'ireo zavatra mety maty, mba hanombohana ny zavatra tsy mety maty. Lasa nankany amin'ny fitsaharany izy. Andriamanitra no nampitsahatra ny fanahiny.

47 Ankehitriny, niantsoantso an'io fanehoana lehibe io izy, satria hitany izay hitranga.

48 Ankehitriny dia ndao isika hanatona an'ity fehiny ity. Niangona teto isika androany, mba—mba haneho, na hampahafantatra ny fihetseham-pontsika mikasika ny mpiara-belona iray, mikasika anabavy iray, mikasika vady iray, mikasika reny iray. Izany no antony niangonantsika izao tolakandro izao; mba hampahafantatra, haneho ny fihetseham-pontsika, ny verintsika. Izany no antony naha-eto antsika,

hanao an'izany. Ilay ray dia ny haneho ny fahaverezan'ny vady; ny zanaka, ny reny; ny mpiara-monina, na ny anabavy.

49 Isika mpitoriteny. Araka ny nandrenesako azy ireo, nanerana ny tranobe, nanome an'ireo teny mahafinaritra, be voninahitra, mampionona, mazava tsara, hoe midika inona amin'izy ireo ilay anabavy, ary tao amin'ny fiangonan'izy ireo. Tonga isika mpitoriteny, izao tolakandro izao. Mazava ho azy, ao am-pontsika, isika dia mahatsapa malahelo, ihany koa. Fa isika dia tonga mba hampahafantatra fanehoana an'Andriamanitra iray, ihany koa, Ny Fahamarinany mikasika an'io raharaha rehetra io. Tonga isika mba haneho an'izay lazain'Andriamanitra mikasika an'izany, mba hampionona ny fon'ny olona; mba hamela azy ireo hahafantatra, na dia mety ho mafy aza ny fahavoazana, kanefa ao amin'ny fikarakaran'Andriamanitra Tsitoha no manao azy amin'izany fomba izany, ary izany no Drafiny. Ary tsy izao no fiafarana. Izao no fiandohan'ny fiainana vaovao.

50 Noho izany isika izay ampianarin'Andriamanitra ao amin'Ny Teniny, mikasika an'ireo zavatra ireo, dia tonga mba hanome ny fanehoantsika. Ary faly toy ny ahoana aho eo amin'ity anankiray ity izao tolakandro izao, hoe afaka maneho an'ilay zavatra iray ihany isika momba ny Tenin'Andriamanitra, satria nahatanteraka an'Izany izy.

51 Ranabavy Bell, araka ny nahafantarantsika azy teto amin'ny tabernakla, dia vehivavy Kristiana iray, maha-te-ho tia, masina, izy dia nanao an'ireo fanehoany, ihany koa. Nampahafantatra ny fihetseham-pony mikasika an'Andriamanitra izy. Araka ny nandrenesako ny ferapara novakiana, vao teo, talohan'ny nanambadian'i Rahalahy Jim azy mihitsy aza, heveriko, tany Tennessee, dia efa nandray ny fanapahan-keviny izy. Naneho ny heviny izy. Koa, izany ireo fijoroana vavolombelona. Ary araka ny fantatro, nanomboka tamin'io andro io, dia tsy nitsahatra nanao an'izany fanehoana izany mihitsy izy. Angamba, androany, raha eo amin'ireo làlantsaran'ny Lanitra, any ho any ao amin'ireo faritra Mandrakizay an'ny Voninahitra, mandeha eo amin'ireo làlamben'Andriamanitra, mbola maneho an'izany foana. Any ankoatr'ireo aloky ny faritra mety maty ireo, dia mbola maneho an'izany foana izy.

52 Ranabavy Bell, araka ny ahafantarantsika azy, dia tsy menatra ny amin'ny fijoroany vavolombelona. Tsy nisy fotoana anankiray nahamenatra azy tamin'ny fijoroany vavolombelona. Tsy nisy fotoana anankiray nampiahotra azy nilaza zavatra iray. Naneho an'izany izy, ary tsy menatra izy. Toy ny ahoana ny nahitako azy nitsangana tery aoriana tery niaraka tamin'ny tànany nitsangana, ary ny ranomaso no nikoriana teo amin'ny takolany. Nahita azy nitsangana teto amin'ity polipitra ity, ary nihira an'ireo hira izay nanao ny fiangonana manontolo niditra tao anatin'ny hiakiaka iray, ny amin'ny Tany iray,

izay any ankoatra lavitry ny eto. Tsy menatra izy. Nanome ny fanehoany hatraiza hatraiza izy. Ny mpiara-monina tsirairay, ny fiangonana tsirairay, izay nifandraisany hatraiza hatraiza, nampahafantatra ny tenany izy, naneho an'izay noeritreretiny mikasika an'Andriamanitra. Izany no fiainany, izay rehetra nety naha-izy azy, dia naneho ny maha-izy azy tao amin'i Kristy Jesosy izy, zava-boahary iray nateraka indray.

53 Sakaiza maha-te-ho tia iray an'ny reny malalako izy izay—izay efa nihanika an'ireo tohatra iray ihany, herinandro vitsivitsy lasa izay. Androany, dia miaraka izy ireo.

54 Zavatra iray mahafinaritra toy ny inona izany, ny mahita an'ireo fanehoana, ahoana no ataon'Andriamanitra. Ireo taratasiny; Ranabavy Bell. Isaky ny tonga any an-trano aho, Billy, ny zanakolahy, dia mitondra vondron-taratasy ho ahy, antso an-telefona, tsy ankitsahatra, avy tamin-dRanabavy Bell. "Mivavaha ho an'*ity* anankiray ity. Mivavaha ho an'*itsy* anankiray itsy." Izany, inona no nataon'izany? Ho ahy, dia izany no fanehoany, ny fampahafantarany an'izay tao anatiny; enta-mavesatra ho an'ny olona namany, enta-mavesatra ho an'ireo zanany, enta-mavesatra ho an'ny tsirairay avy izay nanodidina, ary ny olona marary tsirairay.

55 Saika niaina tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra Ranabavy Bell, tamin'ireo taona vitsy farany. Mpino mahatoky ny herin'Andriamanitra manasitrana izy. Ary tahaka an'izany no nitranga indray hariva . . . Tsy mbola nivavaka ho azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, ary nivavaka niaraka tamin'io olo-masina antitra malala io, mandra-paha, ka tsy nanasitrana azy Andriamanitra.

56 Ary indray hariva, rehefa nantsoina aho, vao tonga avy tany Arizona aho, teo amin'ny manodidina ny misasak'alina teo. Niantso ny zanako izy ireo ka nanao hoe, "Ranabavy Shepherd, sakaizan-dRanabavy Bell, dia mila anao hivavaka ho azy. Any amin'ny hopitaly izy." Azoko fa i Ranabavy Shepherd ilay izy; ramatoa iray, angamba ato amin'ny tranobe ankehitriny, amin'ny anarana hoe Shepherd, izay fantany. Nihevitra aho fa tany amin'ny hopitaly izy.

57 Ny ampitso maraina dia niantso indray izy ireo, teo amin'ny iraika ambin'ny folo mahery teo, ka nanao hoe, "Tsy Ranabavy Shepherd ilay izy. Ranabavy Bell, izy tenany, no any amin'ny hopitaly." Ary mba hahitana fa, izany ilay fikarakarana hendry sy ny drafitr'Andriamanitra. Talohan'ny hany nahatongavany tany, dia efa nihanika an'ireo Tohatra volamena Ranabavy Bell. Talohan'ny nahafahako tonga tany, dia efa nioty ny loko Raoziny Andriamanitra, mba hanaovana ny Fehezam-boninkazony ho an'ny Arivo taona. Talohan'ny hany nahatongavako tany, dia efa lasa nihaona tamin'Andriamanitra izy. Fanehoan'Andriamanitra ny Fitiavany!

58 Ireo taona rehetra an'ny fanambadiana sambatra dia fanehoana iray an'ny fahatokiany amin'ny maha-vady iray, mba hanaovana tokatrano iray ho an'ny vadiny sy ny zanany. Izany dia naneho ny tenany nandritr'ireo fotoana sarotra, rehefa nanodidina ny latabatra ireo ankizy kely, sy ny fandehanana sarotra. Ary, reny iray, mila reny iray ny mahafantatra hoe ahoana no ametrahana an'ireo zavatra miaraka, hanao an'izany haharitra—haharitra, rehefa manodidina ny latabatra ireo vava kely. Fa, nijoro teo anilan'ny vadiny, nahatoky, nijoro teo anilan'ireo zanany, izany no fanehoana iray an'ny fahatokiana tena izy. Eo anatrehan'ny tsirairay avy aminareo izany. Tsy nila nilaza an'izany aho. Fantatrareo fa izany no fahamarinana. Hitanareo? Eny, tompoko.

59 Ary ny fiangaviany tsy nijanona mihitsy ho an'ny zanany! Tsy mino aho fa efa mba nihaona taminy aho, na nandao azy, ka tsy nangataka fangatahana iray ho an'ireo ankizy ireo izy. Izany no naneho ny tena maha-reny, mahafantatra fa nofy iray fotsiny ny fiainana na toeram-piomanana iray. Ho an'ny zanany, te-hihaona amin'izy ireo any amin'ny Tany iray ankoatry ny eto izy, izay tsy hisy fotoana sarotra intsony. Nilaza tamiko tsy ankitsahatra izy . . . Nantsoiny hoe Ranadahy Billy aho. Hoy izy hoe, "Ranadahy Billy, mivavaha ho an'ny zanako, mba tsy ho very ny iray amin'izy ireo." Raha tsy izany no maneho ny tena maha-reny; reny iray izay liana amin'ny zanany, liana amin'ny mpiara-monina aminy, ny vadiny, ny malalany! Andriamanitra ao anatin'ilay vehivavy izany, maneho an'ireo zavatra Mandrakizay.

60 Toy ny ahoana no iarahako miory amin'ny vadiny, sakaizako tsara. Toy ny ahoana no iarahako miory amin'ireo zazalahy, mandre hafatra iray avy amin'ny sasany amin'izy ireo any Alemaina sy ireo toerana samihafa, lasa ny reny iray. Fa mety lasa miala amin'ny fanatrehanareo eto izy, ry tovolahy, saingy izy tsy—tsy maty izy. Velona mandrakizay izy. Velona ao amin'ny Tany iray izy izay nivavahany mba hihaonan'ny tsirairay avy aminareo aminy. Aza avela ho diso fanantenana izy. Azoko antoka fa tsy ho izany izy.

61 Mahita tanamasoandro iray aho niala tamin'ilay kodiarana, izao tolakandro izao. Tsaroako rehefa nesorina avy tamin'ny fianakaviako ilay tanamasoandro voalohany. Tsirairay, no hilatsahan'izy ireo. Tsy ho ela loatra izany. Henoy. Afaka mitambatra miaraka indray io kodiarana io, any amin'ny Tany iray hafa izay tsy misy kodiarana simba, izay ahafahan'ny fandaharan'Andriamanitra lehibe ho vita ary afaka mihitatra mandritr'ireo taona. Enga anie ka ho tahaka an'izany ilay izy, ry fianakaviana. Nanana reny foana ianareo; ankehitriny dia aoka hiaraka aminy mandrakizay. Marina izany.

62 Zavatra iray hafa izay naneho ny fitiavan'Andriamanitra. Araka ny azoko, hoe, ny fangatahany dia hoe tsy ho antitra sy

hitaritarika mihitsy izy, tsy voatery hitaritarika sy ho entina ao anatin'ny fahanterana, ary kilemaina sy—sy farofy, ary ho faty tsikelikely. Neken'Andriamanitra izany fangatahana izany. Marina izany. Nahoana, vao Alahady vitsy lasa izay, dia nitsangana teto amin'ny dabilion'ny fiangonana izy, nihira ny Filazantsara be voninahitra an'i Kristy.

63 Inona izany? Inona izany ho an'ny reny iray, toy ny hoe, lasa aloha, eo amin'ny dimy amby enimpolo taona eo, no mandeha? Inona ny dikan'izany? Andriamanitra maneho ny Tenany izany, hoe, "Tsy hiaro zava-tsoa amin'izay mandeha mahitsy eo Anatrehany Izy." Andriamanitra, maneho amin'ny tena fahafatesany, no Andriamanitra maneho amintsika, hoe Andriamanitra Izy, ary Izy no hanome azy ireo an'izay irian'ny Fony, ny fon'izy ireo, izay handeha mahitsy eo Anatrehany.

64 Eo am-pahitana an'izao, hoe Izy no Andriamanitra, ary tsy maintsy tonga eo amin'izao toerana izao isika rehetra, noho izany dia ndao isika hijery an'ireo Famantaran'ireo fanehoany. Ny Fitiavany, Ny Fiangonany, ny Olony, ary ny zavatra rehetra izay misy, dia fanehoan'Andriamanitra amintsika daholo. Noho izany dia heveriko fa tokony hanondrika ny lohantsika amin'ny fanetre-tena isika rehetra ary hisaotra an'Andriamanitra noho ity fiainana ity izay, tamin'ny alàlan'i Kristy, nandresy na dia ny fahafatesana aza.

65 Ary avy eo ireo Tenin'i Jesosy rehefa nandeha nankany amin'ny zanakavavin'i Jairo Izy hoe, "Tsy maty izy, fa matory." Lasa nankany amin'ny torimasony izy, fa tsy nankany amin'ny fahafatesany. Satria efa maty taona maro lasa izy, raha zazavavy kely iray, ary ankehitriny dia velona ao amin'i Kristy izy; ary matory fotsiny ihany, amintsika, fa mifoha miaraka amin'i Kristy.

66 Ndao isika hanondrika ny lohantsika arak'izany ary hisaotra ho an'ity aina mahery fo ity.

67 Ray any An-danitra, mazava ho azy fa Fantatrao ny fonay, mazava ho azy fa Fantatrao ireo eritreritra ao an-tsainay. Fantatrao ny momba anay rehetra. Famoronan'ny Tànanao izahay. Fantatrao fa malahelo izahay mahita an-dRanabavy Bell nesorina taminay. Fa, Andriamanitra, manondrika ny lohanay sy ny fonay izahay, ho fankasitrahana fa nekena ny fangatahany, ary efa tanteraka ny Fanirianao ho azy. Hoe, na dia eto amin'ny faran'ny làlana aza, rehefa voasoratra eo amin'ny fiainan'ny olona rehetra izay nifandray taminy ny feraparany, hoe Mpanomponao izy. Enga anie hitoetra ela ao am-pon'izay rehetra mahafantatra azy ny fitaomany. Andriamanitra, mivavaka izahay mba Hampitsaharanao ny fanahiny mahery fo ao amin'ilay Tany izay tiany, sy noresahany ary nohirainy, nandritr'ireo taona rehetra ireo.

68 Mivavaka ho an'i Jimmy aho, izao tolakandro izao, Tompo. Rehefa mahita azy mipetraka eo aho, ary maneho an'ireo eritreriny izy rehefa mikoriana amin'ny takolany ireo ranomaso kristaly. Mieritreritra vady mahatoky iray izy. Ary amin'ireto ankizy ireto izay, ranomaso no milatsaka amin'ny takolak'izy ireo, mieritreritra reny maha-te-ho tia iray izy ireo. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hitahianao azy ireo. Ampionony ny fon'izy ireo. Atsory io Tànana io, izay any ankoatry ny fahatakaran'ny zavatra hafa, izay afaka mandeha mankany amin'ny fon'olombelona, ary omeo azy ireo izany fahafaham-po lehibe izany, hoe indray andro any dia hihaona indray izahay, ary tsy hanana fotoam-pandevenana iray hafa intsony izahay Any.

69 Tahio ireo malalany, ny anadahiny, ireo rahavaviny, ireo zafikeliny, ary ny mpiara-monina aminy.

70 Ary ireto fiangonana ireto, Tompo, fantatray hoe ahoana no nitiavan'izy ireo azy. Raha nandeha teo anivonay izy, izy ireo, dia nandeha teo anivon'izy ireo izy. Ary miaraka, amin'izy ireo, Tompo, izahay—mizara an'izany fihetseham-po lehibe iombonana izany izahay, hoe tianay izy. Ary eto izahay maneho ny—ny—ny fankasitrahanay Anao, nohon'ny fiainany.

71 Lasiro izahay, Tompo, ary amboary izahay, mba izahay, ihany koa, rehefa tonga eo amin'ny faran'ny làlana izahay, enga anie ho vonona hihaona Aminao. Mamelà ny fahotanay betsaka, O Andriamanitra Mandrakizay. Mamindrà fo aminay, Tompo, satria malemy sy sasatra izahay.

72 Ary mivavaka aho mba Hanomezanao anay fiononana, izao tolakandro izao. Enga anie izahay hahita an'izany ao amin'ireo teny izay voaseho avy tamin'Ny Teninao, tamin'ny alàlan'ireo mpitoriteny samihafa, ary ireo izay voatendry hitondra an'izany, ary tamin'ny alàlan'ireo mpiara-monina sy sakaiza. Enga anie izahay hahita ao, miaraka amin'ny fijoroana vavolombelon'ireo—ireo voninkazo, sy ireo hazo, sy ny tara-masoandro, ireo ravina, ary—ary ambonin'ny rehetra, miaraka amin'ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina, izay mijoro vavolombelona ny fitsanganan'i Kristy. "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho. Hivavaka amin'ny Ray Aho, ka Izy hanome anareo Mpampionona iray hafa, ary Izy hitoetra mandrakizay." Oh, toy ny ahoana no itiavanay Azy, Tompo! Ary toy ny ahoana no ankasitrahanay Anao nandefa Azy ho anay, mba hanome anay an'izao antoka voatahy izao ao amin'ireo ora sy ny fotoan'ny fahoriana.

Ankehitriny dia omeo tanjaka izahay ho amin'ny fihavian'ny fotoana manaraka.

73 Te-hangataka manokana iray aho, Tompo, izao ankehitriny izao ho an'ireto zazalahy mipetraka eto manao fanamiana ireto. Hotahiana anie ireo zazalahy ireo, raha tsy maintsy hiverina

amin'ny laharany izy ireo. Fa mivavaka aho, Tompo, mba ho amin'izany andro izany . . . Mankasitraka an'ireo fanamiana izay anaovany ankehitriny ireo izahay. Fa enga anie hovaliana ny vavaky ny reny: enga anie izy ireo hitafy ny fahamasinana sy ny fahamarinan'i Jesosy Kristy, amin'izany andro izany. Ireo zazavavy, ary ny rehetra miaraka, Tompo, izany no tianay haha-izy anay, ireo miaramila Kristiana, tena finoana matanjaka. Tariho làlana izahay ary tariho izahay mandra-pahatongan'izany andro izany, Tompo, izay hihaonanay indray.

74 Misaotra Anao izahay nohon'ny fiainany ankehitriny, ary mivavaka mba Hombanao anay rehetra mandra-pihaonanay rehetra eo an-Tongotrao. Amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

62-0313 Ireo Fanehoana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org